MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES
TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA

# BDC

## Tetibola ho an'ny Olom-pirenena

### Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2026







DGBF
Direction Générale
du Budget et des Finances

unicef
ho an'ny ankizy

# Teny fanolorana

Manokatra pejy vaovao amin'ny tantarany i Madagasikara ary miditra amin'ny vanim-potoana vaovao izay anjakan'ny foto-kevitra « fanavaozana », koa entanina ny olom-pirenena tsirairay hitondra ny anjara birikiny amin'ny fananganana Firenena. Ny tanjona dia ny hahafantaran'ny olom-pirenena ny fizotry ny Fitantanam-bolam-panjakana. Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola amin'ny alalan'ny Fitaleavana Ankapoben'ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola, dia nanatontosa ity andiany faha-21 amin'ny « Tetibola ho an'ny Olom-pirenena » ity ho an'ny besinimaro, izay natao ho fitaovana fampahafantarana manan-danja ahafahan'ny olom-pirenena mahafantatra ny lalana izoran'ny volany.

Ny Tetibola ho an'ny Olom-pirenena dia natao hanazavana amin'ny fomba tsotra sy mora vakiana ny tetibola novolavolain'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, mba hahatonga ny Tetibolam-panjakana hangarahara sy ho azon'ny olom-pirenena rehetra. Misongadina ao amin'izany ireo loharanom-bola sy fandaniana lehibe ary ireo laharam-pahamehana vaovao napetraky ny Governemantan'ny Fanavaozana, toy ny famerenana amin'ny laoniny ny tolotra fototra ho an'ny vahoaka sy ny fanatanterahana politika fitsitsiana.

Ny Governemanta dia manamafy indray ny fanoloran-tenany hampiroborobo ny fandraisan'ny olom-pirenena anjara amin'ny fitantanana mangarahara ny volam-panjakana, antoky ny fampandrosoana mirindra sy ara-drariny ho an'ny rehetra. Koa dia entanina isika hizara sy hanaparitaka ity boky ity.

MBOLATINA
Lucien James
Administrateur des Services Financiers

# Ambangovangony

I. Ahoana ny fomba hamolavolana ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana? 6

II. Inona avy ireo tarehimariky ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026? 7

III. Toe-draharaha nandrafetana ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026 9

IV. Inona avy ireo laharam-pahamehana hanompanana ny vatsim-bola sy ny fandaniana? 9

V. Inona avy ireo fanatsarana lehibe entin'ny Tetibola ? 10

VI. Inona avy ny loza mety hiantraika amin'ny Tetibola? 11

VII. Inona avy ireo vinavina ara-toekarena? 12

VIII. Inona avy ireo vola miditra amin'ny Fanjakana ho an'ny taona 2026? 15

1. Loharanom-bola ....15
2. Vola miditra avy amin'ny hetra anatiny ....15
3. Vola miditra avy amin'ny habantseranana ....16
4. Vola miditra ivelan'ny hetra ....18
5. Fanomezana ....19

IX. Inona avy ireo fandaniana ataon'ny fanjakana ho an'ny taona 2026? 19

1. Fitsinjarana ny fandaniana araka ny sokajy ara-toekarena ....19
   a. Zanabola avy amin'ny trosa 20
   b. Fandaniana amin'ny karama sy ny fisotroan-dronono 20
   d. Ireo fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaham-panjakana (ivelan'ny karama) 22
   e. Fandaniana amin'ny hanampamokarana 22
2. Fitsinjarana ny fandaniana araka ny firaiketany ara-panjakana ....25
3. Fitsinjarana ny fandaniana araka ny andraikiny ....27

X. Ahoana no anonerana ny elanelana misy eo amin'ny vola miditra sy ny fandaniana ? 27

1. Tsy fahampiana ara-tetibola ....27
2. Famatsiana ny tsy fahampiana ara-tetibola ....28

XI. Nahoana no lasa ahiahy ara-tetibola ny fiovan'ny toetrandro ary ahoana ny fomba hiatrehan'ny Governemanta an'izany ? 28

XII. Inona avy ny sombitsombiny amin'ireo fepetra ara-ketra sy habantseranana ? 30

1. Ireo fehezan-dalàna vaovao mahakasika ny hetra .... 30
2. Ireo fepetra vaovao voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana ....31

XIII. Inona avy ireo sombintsombiny amin'ireo fepetra manokana? 32
Fanazavan-teny 33
Fanalavan-teny 34

# Lisitry ny Fafana


**Fafana 1.** Vinavina harifaobe ........ 12
**Fafana 2.** Taham-pitomboan'ny sehatr'asa ........ 13
**Fafana 3.** Vola rehetra miditra amin'ny Fanjakana ........ 15
**Fafana 4.** Vola miditra avy amin'ny hetra anatiny ........ 16
**Fafana 5.** Vola miditra avy amin'ny habantseranana ........ 17
**Fafana 6.** Vola miditra ivelan'ny hetra ........ 18
**Fafana 7.** Firafitry ny fanomezana ........ 19
**Fafana 8.** Fitsinjarana ny fandaniana ara-tsokajiny ........ 19
**Fafana 9.** Fivoaran'ny fandaniana amin'ny karama ........ 21
**Fafana 10.** Fitsinjarana ireo toeran'asa vaovao ho an'ny taona 2026 ........ 21
**Fafana 11.** Fandravonana ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha ........ 22
**Fafana 12.** Fitsinjarana ny tetibola araka ny firaiketany ara-panjakana ........ 25
**Fafana 13.** Fitsinjarana ny tetibola maitso ao amin'ny Tetibolam-panjakana ........ 29

# Lisitry ny Kisary

**Kisary 1.** Fivoaran'ny seha-pihariana ........ 14
**Kisary 2.** Fivoaran'ny hetra anatiny sy ny habantseranana ........ 18
**Kisary 3.** Fivoaran'ny fampiasam-bolam-panjakana araka ny loharanom-pamatsiam-bola ........ 22
**Kisary 4.** Fitsinjarana ny fandaniam-bolam-panjakana araka ny andraikiny ........ 27
**Kisary 5.** Vinavinan'ny tsy fahampiana ara-tetibola (lavitrisa Ariary) ........ 28
**Kisary 6.** Fivoaran'ny fitsinjarana ny Tetibola isan-tsokajiny (lavitrisa Ariary) ........ 30

# I. Ahoana ny fomba hamolavolana ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana?

### Tetiandro nandrafetana ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana voalohany 2026



# II. Inona avy ireo tarehimariky ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026?

Ny Tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2026 dia mifandanja amin'ny tarehimarika **26 799,7 lavitrisa Ariary**, eo amin'ny fidiram-bola (vola miditra, anisan'izany ny trosam-panjakana) sy ny fandaniam-bolam-panjakana. Eo amin'ny lafin'ny fandaniana dia ahitana ireto manaraka ireto: ny tetibola ankapobeny **(18 798,9 lavitrisa Ariary),** ny tetibola anankina **(38,7 lavitrisa Ariary)**, ny fampiasana ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (2 836, 6 lavitrisa Ariary), n fampiasana ny sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany **(5,5 lavitrisa Ariary**), ny fampiasana ho renivola ny trosam-panjakana **(5 119, 9 lavitrisa Ariary).**

### Ny Tetibolam-panjakana

*(Lavitrisa Ariary)*

**VOLA MIDITRA : 13 899,3**

- Hetra anatiny **6 221,7**
- Fadintseranana **5 026,0**
- Vola miditra ivelan'ny hetra **285,4**
- Fanomezana **2366,2**




**FANDANIANA : 17 894,0**

- Zanabola avy amin'ny trosa **980,4**
- Karama **4 852,8**
- Entana sy asa aman-draharaha **518,0**
- Famindrana sy fanampiana ara-bola **1 204,3**
- Tambin-karama **296,7**
- Fampiasam-bola avy amin'ny famatsiam-bola anatiny **2 042,1**
- Fampiasam-bola avy amin'ny famatsiam-bola ivelany **7 066,4**
- Asamarika hafa afakaratsaky ny tahirim-bolam-panjakana **933,5**

Ny tsy fahampian'ny Tetibolam-panjakana dia mitentina **4 194, 8 lavitrisa Ariary**, izany hoe 4,2 % -n'ny tahan'ny harikarena faobe.

Ny fitambaran'ny vola efaina any ivelany dia mitentina **1 579,1 lavitrisa Ariary** (fandoavana renivola: **1 244,4 lavitrisa Ariary**; zanabola: **334,7 lavitrisa Ariary**).

Ny zanabola avy amin'ny trosa anatiny kosa dia mahatratra **645, 7 lavitrisa Ariary**.

**Ireo laharam-pahamehana lehibe voafaritra ao amin'ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026**

Firaisankina nasionaly sy fampandrosoana andraisan'ny rehetra anjara ao anatin'izany ny vondrom-bahoaka hitsinjaram-pahefana, ny fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy, ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro **(440,0 lavitrisa Ariary** ho an'ny fanamboaran-dalana)

Fisitrahana angovo ho an'ny rehetra **(646,6 lavitrisa Ariary)**

Fisitrahana rano fisotro madio ho an'ny rehetra indrindra eny amin'ny tontolo ambanivohitra **(140,0 lavitrisa Ariary)**

Famoronana asa sy fanohanana ny fandraharahana indrindra ny tanora **(30,0 lavitrisa Ariary** ho an'ny METFP)

Fanabeazana tsara kalitao sy fampiofanana mifanaraka amin'ny zava-misy **(109,5 lavitrisa Ariary)**

Fahasalamana ho an'ny rehetra sy fanarenana ireo fotodrafitrasa ara-pitsaboana fototra **(89,0 lavitrisa Ariary)**





# III. Toe-draharaha nandrafetana ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026

Ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026 dia tafiditra ao anatin'ny rafitra politika vaovao sy ny fanatanterahana ny fanavaozana ifotony ny firenena, izay manamarika ny fitohizan'ny fanarenana ara-toekarena sy ny fanamafisana ny famarinan-toerana ny harifaobe. Maneho ny fanirian'ny Governemanta hanarina ny firenena sy hametraka ny lanjan'ny sampan-draharaham-panjakana izany.

### Sehatra iraisam-pirenena

- Fitohizan'ny fanarenana ara-toekarena maneran-tany, ao anatin'ny toe-draharaha mbola voamariky ny fisian'ny fihenjanana ara-jeopolitika maharitra;
- Famarinan-toerana ny vidin'ny akora fototra, indrindra ny solitany;
- Fihenan'ny fifanakalozan'ny varotra iraisam-pirenena hafainganan'ny fanamafisan'ny fepetra ara-toekarena maneran-tany.

### Sehatra anatiny

- Fitomboan'ny tahan'ny harikarena faobe vinavinaina ho 4,8% amin'ny taona 2026, raha 4,6% tamin'ny taona 2025, tohanan'ny sehatry ny asa vaventy, ny fambolena, ny fitaterana sy ny fizahantany ary ny angovo;
- Tahan'ny fidangan'ny vidim-piainana vinavinaina ho 7,1% (salan'ny vanim-potoana), izay maneho ny fifehezana miandalana ny vidin'entana anatiny;
- Tahan'ny tsindrin-ketra (faobe) tombanana ho 11,2 %-n'ny harikarena faobe, izay taratry ny fanatsarana ny fanangonana sy fampiasana ny loharanom-bolam-panjakana;
- Fitohizan'ny politikan'ny fanoloana ny fanafaran'entana sy ny fampiroboroboana ny famokarana eto an-toerana;
- Fanitsiana ny politikam-panjakana hifanaraka amin'ny fanavaozana nasionaly sy ny tanjon'ny fampandrosoana maharitra.

# IV. Inona avy ireo laharam-pahamehana hanompanana ny vatsim-bola sy ny fandaniana?

Ny Tetibolam-panjakana taona 2026 dia mampiseho ny sori-dalana amin'ny fanavaozana nasionaly izay mikendry ny hanamafisana ny fitombon'ny toekarena sy ny fanatsarana ny tolo-draharaham-panjakana ary ny fanamafisana ny fitantanana ara-bola. Ny hanompanana ny tetibola dia manao laharam-pahamehana sy manohana ny famokarana sy ny fampandrosoana ny tolotra ara-tsosialy ary ny fanavaozana ny fitantanan-draharaham-panjakana

### Sehatra ara-toekarena sy famokarana

Ny Tetibolam-panjakana taona 2026 dia manamafy ireo sehatra mitondra fandrosoana toy ny sehatry ny asa vaventy, ny fambolena, ny angovo sy ny fitaterana ary ny fizahantany mba hanentanana ny famokarana eto an-toerana sy hampihenana ny fiankinana amin'ny fanafarana entana avy any ivelany. Miara-dia amin'ny fampanarahana toetrandro ny fitantanan-draharaham-panjakana, indrindra ny fampiasana ny teknolojia nomerika mikasika ny famorian-ketra sy ny fanatsarana ny famorian-ketra.

### Sehatra sosialy

Mametraka ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina ho laharam-pahamehana ny Tetibolam-panjakana taona 2026. Natao hanamafisana ny fampianarana sy ny fahasalamana ary ny fisitrahana rano fisotro madio ny fanompanana vola, araka ireo sori-dalan'ny fanavaozana nasionaly.

Mikendry ny fanatsarana ny kalitaon'ny tolotry ny sampandraharaham-panjakana ho an'ny olom-pirenena ny famoronana toeran'asa vaovao eo amin' ireo sehatra ireo. Etsy andaniny, manampy amin'ny fanomezan-danja ny mpiasam-bahoaka sy ny fanamafisana ny fahombiazan'ny fitantanan-draharaha kosa ny fanomezana tambin-karama vaovao ho an'ny mpampianatra sy ny mpiasa eo anivon'ny fitsarana.

### Sehatry ny firafitry ny Andrimpanjakana sy ny fitantanan-draharaham-panjakana

Isan'ny laharam-pahamehan'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ny fanatsarana ny Andrimpanjakana sy ny famerenana ny soatoavin'ny sampandraharaham-panjakana.

Ny fandaniana dia mikendry ny hanatsara ny fitantanana sy ny hanamafy ny fanarahamaso anatiny ary ny hiantoka ny fitsipika sy ny fahamatorana ara-tetibola ho amin'ny fitantanana voalanjalanja ny loharanon-karena.

Ireo ezaka ireo izay tafiditra ao anatin'ny fanavaozana nasionaly ny firenena dia mikendry ny hanamafy ny fahombiazan'ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ny hampiroborobo fanjakana mangarahara sy akaiky kokoa ny vahoaka.

## V. Inona avy ireo fanatsarana lehibe entin'ny Tetibola ?

### Fanavaozana ny fitantanana ny isan'ny mpiasam-panjakana mba hampifanarahana ny fitakiana ara-tetibola amin'ny fahasarihana sy ny fanavaozana ny sampandraharaham-panjakana.

Manohy ny fanatsarana ny fitantanana ny fandaniana amin'ny mpiasam-panjakana ny fitondrana, mba hanamafisana ny fahombiazan'ny fitantanan-draharaha sy ny kalitaon'ny sampan-draharaham-panjakana.

Mariky ny fivoarana lehibe ny famoronana toeran'asa miisa 13 274, natao hanoloana ireo fialana amin'ny asa sy hamaliana ireo filàna laharam-pahamehana: fanabeazana, fahasalamana, filaminana, angovo.

### Fanavaozana ara-ketra

Mampiditra fepetra maromaro natokana hanatsarana ny fanangonana ny loharanom-bola anatiny ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2026. Anisan'ireo fanavaozana ny fanitsiana ny rafi-marika fandoavana ny IRSA, ny fifehezana ny fanalana ny hetra sy haba, ny famerenana ny hetra amin'ny fiara enti-milina sy ny fametrahana ny rafi-pitantanan-ketra mifandray tendro "Système d'Administration Fiscale Intégré" (SAFI) ary ny fampiharana amin'ny ankapobeny ny "faktiora elektronika", izay manamafy ny fangaraharana sy ny fahombiazan'ny fanangonana hetra.

### Fampidirana ny « tetibola maitso » eto Madagasikara

Fanatsarana lehibe amin'ny taona 2026 ny fampidirana ny "tetibola maitso" ao anatin'ny tovan' ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana. Io tovana io dia mametraka ny fanasokajiana tetibola maitso, novolavolaina niaraka tamin'ny FMI, ny UNDR sy ny MEF ary ny MEDD.

Miorina amin'ny sokajy efatra:

- Fanalefahana (fampihenana ny famoahana entona mangeja hafanana sy fampiroboroboana ny angovo azo havaozina);
- Fampifanarahana (fanamafisana ny fahafahana miatrika ny loza manoloana ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro);
- Fatiantoka sy fahavoazana;
- Fepetra mifampitohy.

Ity rafitra ity dia mikendry ny hanamafy ny fangaraharana sy ny hamerina handrindra ny famatsiam-bola ho amin'ireo hetsika manohana ny fahafahana miatrika ny loza manoloana ny fiovan'ny toetrandro sy ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary.

Noho izany, ny Tetibola Maitso taona 2026 dia lasa fitaovana stratejika hanohanana ny fitomboana maharitra, tsy manavaka ary ahafahana miatrika loza, mifanaraka amin'ireo sora-panekena iraisam-pirenena nataon'i Madagasikara (Fifanarahana Paris, ODD, CDN, ary ny rafitra Kunming—Montréal momba ny karazan-java-manan'aina).



**Fanjakana tsara tantana sy fangaraharan'ny Tetibola**

Mitoetra ho laharam-pahamehan'ny Tetibola taona 2026 ny politikan'ny fitsitsiana sy ny fangaraharan'ny Tetibola. Ny fandaniam-bolam-panjakana dia hifantoka amin'ireo laharam-pahamehana nasionaly, miaraka amin'ny fandanjalanjana sy fanatsarana ny fifantohan'ny famindram-bola sy ny fanampiana.

## VI. Inona avy ny loza mety hiantraika amin'ny Tetibola?

Mety hampisy fiantraikany amin'ny vinavinan'ny Tetibola 2026 ireto antony ireto:

- Fihenan'ny fitomboan'ny harikarena maneran-tany, izay mety hitarika fihenan' ny vola miditra avy amin'ny fanondranana sy ny famindram-bola avy any ivelany;
- Fiakarana maharitry ny vidin'ny solika sy ny vokatra ara-tsakafo, izay manery ny Tetibola sy manimba ny fahefa-mividin'ny tokantrano;
- Fihenan-danja maharitry ny Ariary manoloana ireo vola vahiny, izay mampitombo ny fitambaran'ny vola nefaina any ivelany;
- Fahataran'ny famoahana ireo fanampiana ara-bola avy any ivelany;
- Loza voajanahary mifandray amin'ny toetrandro toy ny rivodoza na haintany izay miteraka fandaniana tsy nampoizina ho an'ny fanarenana;
- Fahombiazan'ny orinasam-panjakana mbola ambany sy ny fahatarana eo amin'ny fanatanterahana ny fampiasam-bolam-panjakana, izay mety hampihena ny fiantraikan'ny tetibola amin'ny fitomboana ara-toekarena.

# VII. Inona avy ireo vinavina ara-toekarena?

Amin'ny ankapobeny dia antenaina ho tsara kokoa ny fivoaran'ny toekarem-pirenena ho an'ny taona 2026, ka vinavinaina ho 4,8% ny tahan'ny fitombon'ny harikarena, izany dia noho ireo asa maro soritana ho fanavaozana an'i Madagasikara. Kendrena hitombo hatrany ny vokatra eo amin'ny sehatry ny fambolena noho ny fanavaozana ny fotodrafitrasa famatsian-drano. Hoentina mampitombo ny vokatry ny indostria ny fanatsarana ny tolotra jiro sy rano sy ny fanatanterahana fotodrafitrasa mifanandrify amin'izany. Ny fampiasam-bola vaovao eo amin'ny ny sehatry ny angovo dia hanampy amin'ny fitrandrahana angovo avy amin'ny tobim-pamokarana mandeha amin'ny solika sy mandeha amin'ny angovo azo avy amin'ny masoandro. Kendrena hiroborobo hatrany ny fizahantany noho ny fisokafan'ireo zotra an'habakabaka vaovao sy ireo ezaka atao amin'ny fampahafantarana an'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Hahazo tombony amin'ny fanalalahana sy fifaninanana ara-barotra ny sehatra nomerika sy fifandraisan-davitra ary hanatsara ny fisitrahan'ireo faritra ambanivohitra izany.

**Seha-pihariana voalohany** : Tombanana ho +6,4% ny fitomboan'ny seha-pihariana voalohany amin'ny taona 2026. Marihina fa mivoatra hatrany ny sehatra "Fambolena" amin'ny alalan'ny tetikasa lehibe toy ny "Stratégie Nationale de Développement Rizicole III" na SNDR III, izay mikendry hampitombo avo roa heny ny voka-bary amin'ny alalan'ny fanitarana tany fambolena sy hampihena ny fahaverezan'ny vokatra mandritra sy aorian'ny fijinjana. Heverina fa hitombo ho +4,3% kosa ny sehatra "Fiompiana sy Jono".

**Seha-pihariana faharoa :** Taorian'ny fihenany izay —0,7% tamin'ny taona 2025, dia antenaina hihatsara ny seha-pihariana faharoa amin'ny taona 2026 ka vinavinaina ho +3,3% izany. Izany fitomboana izany dia mifototra indrindra amin'ny fiarenan'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany (+5,0%) noho ny fitomboan'ny filàna fiara mandeha amin'ny herinaratra. Anisan'ny tena manazava ny fitomboan'ity sehatra faharoa ity ihany koa ny fanatanterahana fotodrafitrasa maro hanatsarana ny tolotra jiro sy rano izay hahafahan'ireo indostria mihodina ara-dalàna. Hotanterahina miaraka amin'ny mpiombon'antoka tsy miankina ireo tetikasa vaovao mahakasika ny angovo azo avy amin'ny herin'ny masoandro. Izany dia hatao eo anivon'ny faritra maro eto Madagasikara. Vinavinaina hiroborobo hatrany ny sehatra famokaran-damba (+1,2%) izay miankina amin'ny fitohizan'ny fifanarahana amin'ny AGOA sy ny tahan'ny haban'ny fadintseranan'i Etazonia izay marihina fa miampy 15% ankehitriny.

**Seha-pihariana fahatelo :** Vinavinaina hiakatra ho +6,1% ny seha-pihariana fahatelo ho an'ny taona 2026 noho ny fandrosoan'ny sehatry ny « Asa vaventy » (+7,3%) sy ny « Fizahantany" (+15%) ary ny sehatry ny « Paositra sy fifandraisan-davitra » (+9,7%).

**Fafana 1. Vinavina harifaobe**

(Lavitrisa Ariary)

| | 2025 | 2026 | 2027 |
|---|---|---|---|
| HAF amin'ny sanda andavanandro (lavitrisa Ariary) | 88 632,3 | 100 181,4 | 111 511,2 |
| Tahatombon'ny harikarena (amin'ny %) | 4,6 | 4,8 | 5,2 |
| Fanondroana ny vidin'entana (faran'ny vanim-potoana) | 7,5 | 6,8 | 5,8 |
| Tsy fahampiana ankapobeny ao amin'ny kitapom-bola (% HAF) | -4,1 | -4,2 | -4,0 |
| Tsy fahampiana eo am-piandohana (% HAF) | -2,9 | -3,0 | -3,1 |

| | 2025 | 2026 | 2027 |
|---|---|---|---|
| Tsy fahampiana eo am-piandohana amin'ny ki-tapom-bolam-panjakana eo am-pandoavana | 214,2 | 1 097,6 | 866,0 |
| Sandam-pifanakalozam-bola vahiny anelanelan-taona | | | |
| Dolara/Ariary | 4 559,3 | 4 680,0 | 4 788,5 |
| Euro/Ariary | 5 094,9 | 5 331,3 | 5 454,7 |
| Tahan'ny hanampamokarana (% HAF) | | | |
| Fanjakana | 9,6 | 9,1 | 7,5 |
| Tsy miankina | 11,9 | 12,7 | 15,2 |
| Tahan'ny tsindrin-ketra (% HAF) | 6,3 | 6,2 | 6,1 |

**Loharano :** *LF 2026, Fizarana 3*


**Fafana 2.** Taham-pitomboan'ny sehatr'asa

| | LFI 2025 | LFI 2026 |
|---|---|---|
| **SEHA-PIHARIANA VOALOHANY** | **5,2** | **6,4** |
| Fambolena | 10,3 | 7,4 |
| Fiompiana sy jono | -5,4 | 4,3 |
| Fambolen-kazo | 1,1 | 1,3 |
| **SEHA-PIHARIANA FAHAROA** | **-0,7** | **3,3** |
| Indostria fitrandrahana | -4,5 | 5,0 |
| Sakafo, zava-pisotro, paraky | -0,2 | 2,5 |
| Lamba | 0,4 | 1,2 |
| Hazo, taratasy, fanotam-pirinty | -4,2 | 1,1 |
| Fitaovana fanorenana | 11,4 | 11,7 |
| Indostria momba ny vy | 5,2 | 5,3 |
| Milina sy fitaovana mandeha amin'ny herinaratra | -0,7 | 1,7 |
| Indostria samihafa | 1,2 | 1,4 |
| Herinaratra, rano, entona fandrehitra | 1,0 | 1,3 |

| | LFI 2025 | LFI 2026 |
|---|---|---|
| **SEHA-PIHARIANA FAHATELO** | 5,9 | 6,1 |
| Trano sy tao-trano | 6,8 | 7,3 |
| Varotra, fikojakojana, fanamboarana | 4,3 | 4,5 |
| Trano fandraisam-bahiny, trano fisakafoana | 23,0 | 15,0 |
| Fitaterana | 5,6 | 6,0 |
| Paositra sy fifandraisan-davitra | 9,4 | 9,5 |
| Banky, trano fiantohana | 8,8 | 8,9 |
| Sampandraharaha ho an'ny orinasa | 2,7 | 3,4 |
| Fitantanan-draharaham-panjakana | 2,0 | 2,2 |
| Fanabeazana | 2,0 | 2,1 |
| Fahasalamana | 2,1 | 2,2 |
| Andraiki-panjakana hanohanana ny isan-tokantrano | 1,6 | 1,7 |

**Loharano :** *LF 2026, Fizarana 3*

**Kisary 1.** **Fivoaran'ny seha-pihariana**




**Loharano :** *LF 2026, Boky tovana 1*

# VIII. Inona avy ireo vola miditra amin'ny Fanjakana ho an'ny taona 2026?

## 1. Loharanom-bola

Amin'ny taona 2026, ny vola miditra sy ny fanomezana ho an'ny Fanjakana dia tombanana hahatratra 13 899,3 lavitrisa Ariary, izay ahitana fitomboana 7,3 % raha oharina tamin'ny taona 2025.

**Fafana 3.** Vola rehetra miditra amin'ny Fanjakana

| (Lavitrisa ariary) | 2025 | 2026 |
| --- | --- | --- |
| Hetra anatiny | 5 628,4 | 6 221, 7 |
| Habantseranana | 4 366,0 | 5 026, 0 |
| Vola miditra ivelan'ny hetra | 491,7 | 285,4 |
| Fanomezana | 2 476,6 | 2 366,0 |
| FITAMBARANY | **12 962,7** | **13 899,3** |

**Loharano :** *LF 2026, boky tovana faha-3*

## 2. Vola miditra avy amin'ny hetra anatiny

Ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2026 dia misongadina noho ireo fepetra maro mikendry ny fanamafisana ny rariny ara-ketra sy ny fanitarana ny sehatra hameran-ketra ary ny fanatsarana ny vokatra azo avy amin'ny hetra anatiny. Ireto avy izany:

### Fampidirana ireo fepetra ara-ketra vaovao:

- Fanitsiana ny mari-pandrefesana ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy (IRSA), ka ampitomboina ho 25 % ny taha ho an'ireo karama ambony indrindra;
- Fanamafisana ny faneren-ketra amin'ny anjara vola sy ny tombom-barotra azo amin'ny fananana, ho fanatsarana ny rariny sy fanitarana sehatra hampiharana ny hetra;
- Fampidirana indray ny haba amin'ny fiara enti-milina (TVM) mba hampitomboana ny vola miditra maharitra ho an'ny Fanjakana.

### Ny fandanjalanjana ny fanafoanana ara-ketra

- Famaranana ireo fanafoanana ara-ketra heverina fa tsy mahomby, ka havadika mankany amin'ireo sehatra stratejika ireo tombontsoa ara-ketra.

### Fanitarana ny sehatra hampiharana ny hetra

- Fanitsiana ireo rafitra manokana mba hanamafisana ny firindran'ny rafitra ara-ketra sy ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra matanjaka ara-toekarena ;
- Fanamafisana ny adidy amin'ny fanambarana hetra, indrindra ho an'ny vola miditra ao amin'ny kitapom-bola sy ny fiara enti-milina;
- Fampiharana ny rafi-pitantanan-ketra mifandray tendro (SAFI) ho fanatsarana ny fanarahamaso ireo mpandoa hetra sy ho fiarovana ireo vola miditra ;
- Fanaparitahana tsikelikely ny faktiora elektronika ho hanamafisana ny fangaraharana ary hiadina amin'ny hosoka ;
- Fanamafisana ny fitsirihana ara-ketra, indrindra amin'ireo sehatra izay misy fifanakalozana tsy nanaovana fanambarana.

**Fafana 4.** Vola miditra avy amin'ny hetra anatiny

| KARAZAN-KETRA | LFI 2025 | LFI 2026 |
|---|---|---|
| Hetra alaina amin'ny fidiram-bola (IR) | 1 411,4 | 1 703,0 |
| Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy (IRSA) | 889,9 | 966,3 |
| Hetra alaina amin'ny fitombon-karena avy amin'ny fananana mitera-bola (IRCM) | 93,7 | 108,9 |
| Hetra alaina amin'ny tombom-barotra avy amin'ny fananana mifaka (IPVI) | 18,3 | 18,5 |
| Hetra tambatra (IS) | 164,7 | 173,6 |
| Saram-panoratana (DE) | 62,8 | 67,2 |
| Haba amin'ny tataom-bidy (TVA) | 1 722,8 | 1 852,9 |
| Haba amin'ny fifanakalozana amin'ny alalan'ny finday | 19,5 | 29,7 |
| Hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny tsenam-barotra | 250,0 | 288,3 |
| Haba tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana | 955,4 | 961,8 |
| Hetra amin'ny Fiantohana (assurances) | 20,6 | 20,6 |
| Hafa | 2,7 | 4,0 |
| Sara amin'ny hajia | 16,8 | 26,9 |
| FITAMBARANY | **5 628,4** | **6 221,7** |

**Loharano :** *LF 2026*

## 3. Vola miditra avy amin'ny habantseranana

Ny vola miditra avy amin'ny habantseranana ny taona 2026 dia tombanana ho 5 026,0 lavitrisa Ariary, izay ahitana fitomboana manodidina ny 15,1% raha oharina amin'ny vinavinan'ny taona 2025. Izany dia vokatry ny fanavaozana ireo fehezan-dalàna sy ny fanamafisana ny fanaraha-maso ary ny fampidirana ireo fepetra natao hiarovana bebe kokoa ny harikarena nasionaly.

### Fandajalanjana ny fanafoanan-ketra sy fanitsiana ny lazam-bidy

- Famerenana hetra amin'ny « famanan-drano mandeha amin'ny herin'ny masoandro (chauffe-eau solaire) izay nisy fanafoanan-ketra teo aloha.

### Fanatsarana ny fehezan-dalànan'ny fadintseranana

- Fampiasana bebe kokoa ny teknolojia nomerika mba ho fanafainganana ny asa fanaon'ny fadintseranana;
- Fanamafisana ny fanaraha-maso ireo mpanafatra entana sy ny sata ara-toekarena saro-pady;
- Fampiharana miandalana ny fadintseranana maitso, izay mampiditra ireo fepetra momba ny tontolo iainana ao anatin'ny fanaraha-maso.




**Fafana 5.** **Vola miditra avy amin'ny habantseranana**

(Lavitrisa Ariary)

| Karazana Haba | LF 2025 | LF 2026 |
|---|---|---|
| **Habantseranana** | 1 010,7 | 1 250,8 |
| Izay habantseranana fanampiny | - | 22, 9 |
| **Hetra avy amin'ny tataom-bidy amin'ny fanafarana** | 2 148,3 | 2 619, 6 |
| **Haba amin'ny vokatra avy amin'ny solika** | 326,0 | 314,5 |
| **Haba avy amin'ny tataom-bidy amin'ny vokatra avy amin'ny solika** | 879,0 | 828,7 |
| **Haba alaina amin'ny fitaterana ara-tsambo** | 1,9 | 2,3 |
| **Hafa :** | **0,1** | **10,1** |
| Anjaran'ny fadintseranana | **-** | **10,0** |
| Haba sy hetra hafa | **0,1** | **0.1** |
| **Fitambarany** | **4 366,0** | **5 026,0** |

**Loharano :** *LF 2026*

**Kisary 2.** **Fivoaran'ny hetra anatiny sy ny habantseranana**




**Loharano :** *LF 2026*

Ny vola miditra avy amin'ny hetra anatiny sy fadintseranana dia tokony hahatratra 11 247,7 lavitrisa Ariary amin'ny taona 2026, izany hoe hisy fiakarana 1 253, 3 Lavitrisa Ariary raha oharina amin'ny vinavinan'ny 2025. Io fivoarana io dia maneho fitomboana 12,5 %.

## 4. Vola miditra ivelan'ny hetra

Tombanana ho 285, 4 lavitrisa Ariary, izay 0,3 %-n'ny harikarena faobe ny vola miditra ivelan'ny hetra ho an'ny taona 2026. Ireo vola ireo dia avy amin'ny anjara vola harotsaka amin'ny Fanjakana sy ny vola miditra avy amin'ny harena an-kibon'ny tany, izay tena fototra lehibe mandrafitra ny fidiram-bola ivelan'ny hetra. Io fivoarana io dia maneho ny famarinan-toeran' ny vola miditra ivelan'ny hetra taorinan' ny fanangonana manokana natao nandritra ireo taona teo aloha.

**Fafana 6.** **Vola miditra ivelan'ny hetra**

(Lavitrisa Ariary)

| VOLA MIDITRA IVELAN'NY HETRA | | LF 2025 | LF 2026 |
|---|---|---|---|
| Tamberim-bola avy amin'ny fandraisana anjara | | 120,2 | 90,0 |
| Tamberim-bola avy amin'ny fananana mifaka | | 2,1 | 2,0 |
| Tamberim-bidy | | 346,2 | 179,9 |
| Toy ny | - Tamberim-bidy avy amin'ny jono | 15,0 | 35,2 |
| | - Tamberim-bidy avy amin'ny harena an-kibon'ny tany | 331,2 | 138,0 |
| Vokatra avy amin'ny lahasa sy ny hafa | | 8,1 | 5,2 |
| Sarany amin'ny vokatra hafa | | 10,0 | 8,3 |
| Hafa | | 5,2 | - |
| **FITAMBARANY** | | **491,7** | **285,4** |

**Loharano :** *LF 2026, boky tovana faha 2*

## 5. Fanomezana

Tombanana ho 2 366,2 lavitrisa Ariary ny fitambaran'ny fanomezana ho an'ny taona 2026. Ny 2 354,9 Lavitrisa Ariary dia hatokana hamatsiana ireo tetikasa, rahatoa ka ny 11,3 Lavitrisa Ariary kosa dia hanohanana ny sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany sy ny fanohanana ara-tetibola.

**Fafana 7.** Firafitry ny fanomezana

| Fanomezana | LF 2025 | LF 2026 |
|---|---|---|
| Fanomezana tsotra | 31,0 | 11,3 |
| Fanomezana renivola (tetikasa) | 2 445,6 | 2 354,9 |
| **FITAMBARANY** | **2 476,6** | **2 366,2** |

**Loharano :** *LF 2026*

# IX. Inona avy ireo fandaniana ataon'ny fanjakana ho an'ny taona 2026?

## 1. Fitsinjarana ny fandaniana araka ny sokajy ara-toekarena

Amin'ny taona 2026, ny fandaniam-bolam-panjakana dia hahatratra 18 798, 9 Lavitrisa Ariary ka ny 15 784,3 lavitrisa Ariary dia ho an'ny Tetibola ankoatra ireo asa marika fanitsiana ny tetibola ankapobeny sy ny zanabola avy amin'ny trosa.

Amin'ireo fandaniana ireo, 56,5% no natokana ho an'ny fampiasam-bola, raha 43,5% kosa no mifandraika amin'ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha. Raha ampitahaina tamin'ny taona 2025 (14 416,5 lavitrisa Ariary), ny fandaniana dia nahitana fitomboana 9,5%. Io fitomboana io dia maneho ny fitohizan'ny ezaka nataon'ny fitondram-panjakana amin'ny fanohanana ireo sehatra sosialy tena ilaina, indrindra ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny rano sy ny angovo ary ny fotodrafitrasa.

**Fafana 8.** Fitsinjarana ny fandaniana ara-tsokajiny

(Lavitrisa Ariary)

| FANDANIANA ISA-TSOKAJY | 2025 | 2026 |
|---|---|---|
| Zanabola avy amin'ny trosa | 756,5 | 980,4 |
| Fandaniana tsotra avy amin'ny karama (ivelan'ny tambin-karama) | 3 846,4 | 4 852,8 |
| Fandaniana tsotra ivelan'ny tambin-karama | 2 304,3 | 2 029,5 |
| Entana sy asa aman-draharaha | 504,7 | 529,6 |
| Famindrana sy fanampiana ara-bola | 1 554,8 | 1 195,5 |
| Tambin-karama | 244,8 | 304,4 |
| Fandaniana ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana | 8 265,8 | 8 902,0 |
| FFPB avy amin'ny famatsiam-bola anatiny (ankoatra ny sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany) | 2 368,4 | 2 026,1 |
| FFPB avy amin'ny famatsiam-bola ivelany | 5 897,4 | 6 875,9 |
| Asa marika fanitsiana ny tetibola | 1 121,8 | 2 034,3 |
| **TOTAL** | **16 294,7** | **18 799,0** |

**Loharano :** *LF 2025 sy 2026*

## a. Zanabola avy amin'ny trosa


Ny zanabola avy amin'ny trosa voarakitra ao amin'ny Tetibola Ankapobeny dia mitentina 980,4 lavitrisa Ariary, raha atambatra ny trosa ivelany sy ny trosa anatiny.

**TROSA IVELANY :**

Ny fitambaran'ny vola efaina any ivelany dia mitentina 1 579,1 lavitrisa Ariary ka ny 1 244, 4 lavitrisa Ariary dia handoavana no fandoavana ny renivola ary 334,7 lavitrisa Ariary no fandoavana ny zanabola.

**TROSA ANATINY :**

Ny fandoavana ny trosa anatiny, izay ahitana zanabola efaina amin'ny taratasim-bolam-panjakana sy ireo mifanaraka amin'ny findramam-bola atao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara, dia mitentina 645,7 lavitrisa Ariary amin'ny taona 2026, mifanaraka amin'ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasim-bolam-panjakana amin'ny ankapobeny izay tombanana ho 12,3%.




**Loharano:** *LF 2025 sy 2026*

## b. Fandaniana amin'ny karama sy ny fisotroan-dronono

### Antontan-karama

Ho an'ny taona 2026, ny antontan-karama dia mahatratra 4 852, 8 lavitrisa Ariary izay nahitana fitomboany 26, 2% raha oharina tamin'ny taona 2025. Io fiakarany io dia noho ny famoronana toeran'asa vaovao miisa 13 274 mba hanamafisana ireo sehatra laharam-pahamehana sy ny fanendrena diplaomaty. Izy io koa dia voamarina amin'ny fampiharana ireo fepetra mikasika ny fanomezan-danja ny karama ho an'ny mpiasam-panjakana rehetra: toy ny fampiakarana karama amin'ny ankapobeny, ny fampiakarana ny tambin-karaman'ny mpampianatra, ny tambin-karaman'ny mpiasan'ny fahasalamana, ny tambin-karama ho an'ny trano fonenana ho an'ny mpiasa sivily sy miaramila, ny fampidirana ny tambin-karama 508 sy ny tambin-karama fanampiana amin'ny andraikitra ary ny fanampiana amin'ny fepetra manokana ho an'ny mpiasan'ny fitsarana. Ankoatra izay ny Governemanta dia manohy ny fanadiovana ny lisitry ny mpiasam-panjakana, ny fanaraha-maso ny fampidirina mpiasam-panjakana sy ny famadihana ireo mpiasa tsy raikitra ho mpiasam-panjakana raikitra ary ny fanitsiana ny zon'ireo mpiasam-panjakana mandeha misotro ronono mba hifandraika amin'ny fitantanana voafehy sy ara-drariny izay mifanaraka amin'ny tanjon'ny fanavaozana ny sampandraharaham-panjakana.

**Fafana 9.** **Fivoaran'ny fandaniana amin'ny karama**

| FANDANIANA ISAN-TSOKAJY | LF 2025 | LF 2026 |
|---|---|---|
| Fandaniana amin'ny karama ( lavitrisa Ariary) | 3 846,4 | 4 852,8 |
| Karama/Harikarena faobe | 4,3% | 4,8% |
| Karama/Vola miditra avy amin'ny hetra afaka-ratsaka | 40,4% | 45,3% |
| Karama/Fitambaran'ny fandaniana | 23,6% | 25,8% |

**Loharano :** *LF 2026*

**Fafana 10.** **Fitsinjarana ireo toeran'asa vaovao ho an'ny taona 2026**

| Toeran'asa vaovao isaky ny ministera | |
|---|---|
| Minisiteran'ny Foloalindahy | 1 300 |
| Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka | 1 000 |
| Minisitera Delege miadidy ny Zandarimariam-pirenena | 1 000 |
| Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka | 500 |
| Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena | 9 000 |
| Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa | 100 |
| Minisiteran'ny Fampianarana Ara-Teknika sy Fampiofanana Ara-kasa | 200 |
| Hafa (Fambolena sy Fiompiana, Tontolo Iainana, sns.) | 174 |
| **FITAMBARANY** | **13 274** |

**Loharano :** *LF 2026*

### Kitampom-bolan'ny fisotroan-dronono

Ny taona 2026, ny vola fanampiana ara-tetibola manokana ho an'ny sivily sy miaramila dia mitentina 372, 3 lavitrisa Ariary izany hoe nahitana fitombony 76,1 lavitrisa Ariary raha oharina amin'ny taona 2025. Io fiakarany io dia vokatry ny fihenan'ny isan'ny mpandoa latsa-kemboka noho ny fihenan'ny fandraisana mpiasam-panjakana tao anatin'ny folo taona rahatoa ka nitombo ny isan'ireo nandeha nisotro ronono. Eo ihany koa ny fanavaozana ny fisotroan-dronono izay mitovy taha amin'ny taha nampiharina tamin'ny karama sy ny fiaton'ny vola miditra manokana azo avy amin'ny fizarazarana ny fanefana ireo latsakemboka tsy voaloa. Ny rafitry ny fisotroan-dronono dia mbola marefo tokoa, noho ny tahanisan'ny olona amperin'asa sy mpisotro ronono ho 1,6 % (ratio de dépendance) amin'ny taona 2026 izay tena ambany raha oharina amin'ny fenitra iraisam-pirenena. Mba hanamafisana ny fahazakan'ny rafitra, ny Governemanta dia hametraka andiany vaovao amin'ny fanavaozana eo amin'ny fanadiovana ny angon-drakitra mifandraika amin'ny mpisitraka sy ny mpiasam-panjakana sy ny fanamaroana ny loharanom-bola ho an'ny rafitra fisotroan-dronono, ny fanavaozana ary ny fampidirana anaty tontolo ara-kajy mirindra ny dingana fitantanana ny fisotroan-dronono amin'ny alalan'ny fampiharana ny rindrambaiko (AUGURE) 2.0.

## d. Ireo fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaham-panjakana (ivelan'ny karama)

**Fafana 11.** Fandravonana ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha


| (Lavitrisa Ariary) | 2025 | 2026 | Elane-lana | ANTONY |
|---|---|---|---|---|
| Tambin-karama | 244,8 | 304,4 | 59,6 | Ny taona 2026, ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha dia mahatratra 2 029,5 lavitrisa Ariary, izany hoe nisy fidinany 11,9 % raha oharina tamin'ny taona 2025 (-274,8 Lavitrisa Ariary) noho ny fampihenana ny famindram-bola (-23,1%). Io fandajalanjana io dia tafiditra ao anatin'ny fampiharana ny politikan'ny fitsitsiana ara-bola izay mametra ny fampiasana ny loharanom-bola any amin'ny andraikitra fototry ny fanjakana sady manohana bebe kokoa ireo sehatra ara-tsosialy laharam-pahamehana toy ny angovo ( fanarenana ny JIRAMA), ny fisitrahana rano fisotro madio, ny fanabeazana sy ny famoronan'asa ary ny firaisankinam-pirenena.. |
| Entana sy asa aman-draharaha | 504,7 | 529,6 | 24,9 | |
| Famindram-bola | 1 554,8 | 1 195,5 | -359,3 | |
| **Fitambarany** | **2 304,3** | **2 029,5** | **-274,8** | |

**Loharano :** *LF 2026*

## e. Fandaniana amin'ny hanampamokarana

Mitentina 8 912,5 lavitrisa Ariary ny fampiasam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2026 ka ny 2 026,1 lavitrisa Ariary dia avy amin'ny famatsiam-bola anatiny (izany hoe nisy fidinany 14,4% raha oharina tamin'ny taona 2025) ary 6 875,9 lavitrisa Ariary ho an'ny fampiasam-bola avy any ivelany (izany hoe nisy fiakarany 16,6 % raha oharina amin'ny taona 2025). Raha hatambatra ny fandaniana ho an'ny hanampamokarana dia nahitana fivoarana 7,7 % raha oharina amin'ny taona 2025.

**Kisary 3.** Fivoaran'ny fampiasam-bolam-panjakana araka ny loharanom-pamatsiam-bola




**Loharano :** *LF 2026*

# Sombin'ny Fampiasam-bolam-panjakana voarakitra ao anatin'ny Lalànan'ny Tetibola 2026

## Fahasalamana ho an'ny rehetra

- Fanamafisana ny kalitaon'ny fitsaboana amin'ny alalan'ny fanavaozana sy fanorenana ireo fotodrafitrasa ho an'ny fahasalamam-bahoaka;
- Fanohizana ny politikan'ny fiarovana ny reny sy ny zaza ary ny fanohanana ny fandaharan' asa fizarana vaksiny;
- Ady amin'ny areti-mifindra.


©UNICEF/UN0538446/Andrianandrasana

## Fanabeazana ho an'ny rehetra

- Fampandrosoana ny fanabeazana fototra amin'ny alalan'ny fanamafisana ireo fotodrafitrasam-pampianarana (fanorenana sy famatsiana fitaovana ny EPP sy CEG);
- Fanomezan-danja ny fampianarana ambaratonga faharoa amin'ny alalan'ny fanorenana lisea sy fampitaovana mifandraika amin'izany;
- Fanorenana toeram-piofanana.


©UNICEF/UN0571747/Ramasomanana

## Fampandrosoana ny fambolena

- Fampiroboroboana ny fitantanana mirindra ny tontolo ho an'ny fampandrosoana ny rojom-piharian'ny kafe sy ny vary tsy misy famotehana ala (FSP);
- Fanohanana ny fanitarana sy fanatsarana ny rojom-pihariana fambolena **(tetikasa riz plus);**
- Famoronana faritra manokana ho an'ny fanodinana ireo vokatra ara-pambolena **( tetikasa PTASO).**



## Fanavaozana ny sehatry ny angovo

- **Fanazavana ny tontolo ambanivohitra:** tetikasa fanazavana ny tontolo ambanivohitra amin'ny alalan'ny angovo azo avaozina;
- **Fanamafisana ny famokarana angovo:** fanohizana ireo tetikasa momba ny tohadranom-pamokarana herinaratra Mandraka II sy Volobe mba hampitomboana ny famokarana herinaratra;
- **Angovo ho an'ny tokatrano:** Tetikasa fitantanana maharitra ny loharano avy amin'ny fampiroboroboana ny haitao fandrahoana sakafo manaja ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny «Smart Clean Cooking»;
- **Fotodrafitrasa mampiasa angovo:** tetikasa fanorenana foibem-pamokarana angovo aminy alalan'ny «panneau photovoltaïque».



## Fanatsarana ny fotodrafitrasa hifamoivoizana

- **Lalana: :** fanadihadiana sy fanamboarana ny lalam-pirenana RN5 Soanierana Ivongo-Mananara, fanatsarana ny lalam-pirenena RN6 sy RN 13;
- **Fitaterana an-tanàn-dehibe:** fanatanterahana ny tetikasa fanadihadiana sy fanamboarana ny «fly over» Maki, tetikasa fanajariana ny «fly over» Anosizato, eo amin'ny fihaonan'ny RN1 sy RN58a.



## 2. Fitsinjarana ny fandaniana araka ny firaiketany ara-panjakana

Ny fandaniana ho an'ny Andrimpanjakana sy ny Minisitera dia mitsinjara araka ity fafana manaraka ity :

**Fafana 12. Fitsinjarana ny tetibola araka ny firaiketany ara-panjakana**

(Lavitrisa Ariary)

| ANDRIMPANJAKANA / MINISITERA | LF 2025 | LF 2026 |
|---|---|---|
| FIADIDIANA NY REPOBLIKA | 224,7 | 316,4 |
| ANTENIMIERAN-DOHOLONA | 21,3 | 23,3 |
| ANTENIMIERAM-PIRENENA | 85,9 | 76,8 |
| FITSARANA AVO MOMBA NY LALÀMPANORENANA | 9,3 | 8,9 |
| FIADIDIANA NY PRAIMINISITRA | 339,9 | 633,4 |
| FILANKEVITRY NY FAMPIHAVANANA MALAGASY | 6,3 | 6,4 |
| VAOMIERA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA | 16,4 | 60,9 |
| MINISITERAM-PANJAKANA MISAHANA NY FANAVAOZANA | - | 6,9 |
| MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY | 543,2 | 615,4 |
| MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY | 104,7 | 91,2 |
| MINISITERAN'NY FITSARANA | 219,8 | 251,3 |
| MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA | 134,7 | 368,2 |
| MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA | 2 332,7 | 2 655,1 |
| MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA | 229,2 | 278,9 |
| MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY | 568,1 | 255,7 |
| MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA | 921,0 | 870,1 |
| MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA | 285,6 | 373,5 |
| MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA | 1 562,0 | 2 315,1 |
| MINISITERAN'NY FAMPIANARANA ARA-TEKNIKA SY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA | 94,8 | 145,1 |


| ANDRIMPANJAKANA / MINISITERA | LF 2025 | LF 2026 |
|---|---|---|
| MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA | 795,5 | 957,6 |
| MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA | 119,6 | 101,7 |
| MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA | - | 81,3 |
| MINISITERAN'NY ASA SY NY FAMPANANAN'ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA | 33,7 | 37,3 |
| MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO | 216,3 | 40,5 |
| MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO | 1 332,0 | 2 049,4 |
| MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA | 18,1 | 18,3 |
| MINISITERAN'NY ASA VAVENTY | 2 327,5 | 1 754,3 |
| MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA | 28,8 | 41,2 |
| MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAINJAFY | 188,8 | 181,7 |
| MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASA-TANANA | 43,9 | 17,4 |
| MINISITERAN'NY RANO SY NY FANADIOVANA ARY NY FIDIOVANA | 600,2 | 475,9 |
| MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA SY NY PAOSITRA ARY NY FIFANDRAISANDAVITRA | 8,8 | 32,3 |
| MINISITERAN'NY MPONINA SY NY FIRAISAN-KINA | 193,4 | 61,6 |
| MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA | 58,1 | 35,2 |
| MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA | 32,1 | 27,7 |
| MINISITERA DELEGE MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA | 446,4 | 511,2 |
| SEKRETERAM-PANJAKANA MISAHANA NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA | 138,8 | - |
| SEKRETERAM-PANJAKANA MISAHANA NY FIAHIANA ARA-TSAKAFO | 127,3 | - |
| **FITAMBARAN'NY ANDRIMPANJAKANA SY MINISITERA** | **14 408,9** | **15 777,2** |
| **RAFITRA VOALAZAN'NY LALAMPANORENANA** | | |
| FILANKEVITRA AMBONY MOMBA NY FIAROVANA NY DÉMOKRASIA SY NY FANJAKANA TAN-DALANA (HCDDED) | 2,0 | 2,1 |
| VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MOMBA NY ZON'OLOMBELONA (CNIDH) | 2,0 | 1,9 |
| **FITAMBARAN'NY RAFITRA VOALAZAN'NY LALAMPANORENANA** | **4,0** | **4,0** |

| ANDRIMPANJAKANA / MINISITERA | LF 2025 | LF 2026 |
|---|---|---|
| FITSARANA AVO | 3,5 | 3,1 |
| **FITAMBARAN'NY IVELAN'NY ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA** | **14 416,4** | **15 784,3** |
| **ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA** | | |
| MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA | 1 121,8 | 2 034,3 |
| **FITAMBARAN'NY ASA-MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA** | **1 121,8** | **2 034,3** |
| **FITAMBARAM-BE** | **15 538,3** | **17 818,6** |

**Loharano :** *LF 2026*

## 3. Fitsinjarana ny fandaniana araka ny andraikiny

**Kisary 4. Fitsinjarana ny fandaniam-bolam-panjakana araka ny andraikiny**




**Loharano :** *LF 2026, Boky Tovana 3*

# X. Ahoana no anonerana ny elanelana misy eo amin'ny vola miditra sy ny fandaniana ?

## 1. Tsy fahampiana ara-tetibola

Ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2026 dia maminavina ny tsy fahampiana ara-tetibola eo am-pandoavana (toe-danja) mitentina 4 194,8 lavitrisa Ariary, izay mifandraika amin'ny 4,2%-n'ny harikarena faobe.

**Kisary 5.** Vinavinan'ny tsy fahampiana ara-tetibola (lavitrisa Ariary)

**Fitambaran'ny vola miditra sy fanomezana :** 13 899,3


**Tsy fahampiana ara-bola, eo am-pandraiketana :** 3 994,7
**Tsy fahampiana ara-bola, eo am-pandoavana :** 4 194,8

**Fitambaran'ny fandaniana :** 17 894,0

**Loharano :** *LF 2026, boky tovana 3*

## 2. Famatsiana ny tsy fahampiana ara-tetibola

Hovatsiana toy izao manaraka izao ny tsy fahampiana ara-bola ho an'ny taona 2026 :




**Loharano :** *LF 2026, Boky tovana 3*

# XI. Nahoana no lasa ahiahy ara-tetibola ny fiovan'ny toetrandro ary ahoana ny fomba hiatrehan'ny Governemanta an'izany ?

### Famaritana 1: Nahoana no ampidirina ao anatin'ny Tetibolam-panjakana ny resaka toetrandro ?

Madagasikara dia isan'ireo firenena marefo amin'ny fiovan'ny toetrandro. Ny rivodoza mahery, ny haintany miverimberina, ny tondra-drano, ny fahasimban'ny tany sy ny fihenan'ny vokatra ara-pambolena ary ny tandindon-doza amin'ny famokarana herinaratra avy amin'ny tohadrano dia misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny mponina.

Ny fampidirana ny resaka toetrandro ao anatin'ny tetibolam-panjakana dia afahana:

- Manamafy ny fahafahan'ny firenena miatrika ny loza sy ny fiahiana ara-tsakafo;
- Miaro ny tontolo iainana sy ny fotodrafitrasa;
- Manatsara ny fangaraharana sy ny tamberin'andraikitra amin'ny fitsinjarana ny loharanom-bola;
- Mampifanaraka ny politikam-panjakana amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena (CDN, PNLCC, PNA, ODD, REDD+);
- Misitraka moramora kokoa ny famatsiam-bola iraisam-pirenena momba ny toetrandro.

### Famaritana 2: Ahoana ny fomba hanatanterahan'ny fanjakana ny tetibola maitso ?

Voalohany amin'ity taona 2026 ity ny fanjakana no hampihatra ny sokajy maitso ao amin'ny sorabola rehetra amin'ny Tetibolam-panjakana ankapobeny. Io fisokajiana vaovao io dia miorina amin'ny sokajy efatra:

- **Fanalefahana** (fampihenana ny famoahana entona mangeja hafanana sy fampiroboroboana ny angovo azo havaozina);
- **Fampifanarahana** (fanamafisana ny fahafahana miatrika ny loza manoloana ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro);
- **Fatiantoka sy fahavoazana:** fitantanana ny loza sy fiarovana ny fiveloman'ny mponina;
- **Fepetra mifampitohy:** fepetra mifandraika amin'ny fanalefahana sy fampifanarahana.

Io fisokajiana io dia tafiditra ao anatin'ny SIIGFP ary ny fanatanterahana azy dia hohamafisina sy hohatsaraina miandalana.

### Famaritana 3: Ohatrinona ny sorabola natokan'ny fanjakana ho an'ny tetibola maitso ?

Ny tetibola maitso izay tafiditra ao anatin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana taona 2026 dia maneho fa eo amin'ny 15%-n'ny Tetibola Ankapoben'ny fanjakana no natokana ho an'ny fiadiana amin'ny fiovan'ny toetran'andro.

Ireo fampiasam-bolam-panjakana mikasika izany dia:


- Ny fampidirana angovo avy amin'ny herin'ny masoandro amin' ireo faritra mitoka-monina;
- Ny famokarana angovo avy amin'ny tohadrano (Mandraka II, Volobe);
- Ny famerenana ny ala;
- Ny faritra hiarovana;
- Ny fandaharan'asa mikasika ny fahafahana miatrika ny tsy fahampiana ara-tsakafo sy ny mifandraika amin'izany.

**Fafana 13.** **Fitsinjarana ny tetibola maitso ao amin'ny Tetibolam-panjakana**

| Lavitrisa Ariary | LFI 2026 | Taha |
|---|---|---|
| Fampifanarahana | 1 041,0 | 5,5% |
| Fanalefahana | 1 338,0 | 7,1% |
| Fanalefahana sy fampifanarahana | 297,5 | 1,6% |
| Fatiantoka sy fahavoazana | 68,6 | 0,3% |
| Fiarovana ny tontolo iainana | 94,9 | 0,5% |
| Tsy voasokajy | 2 840,1 | 15% |

**Loharano :** *LF 2026, boky tovana 3*

**Kisary 6.** **Fivoaran'ny fitsinjarana ny Tetibola isan-tsokajiny (lavitrisa Ariary)**




**Loharano :** *LF 2026, boky tovana 3*

# XII. Inona avy ny sombitsombiny amin'ireo fepetra ara-ketra sy habantseranana ?

## 1. Ireo fehezan-dalàna vaovao mahakasika ny hetra

### Haba amin'ny fiara enti-milina (TVM)

- Hetra vaovao isan-taona sady tsy maintsy aloan'ny rehetra, ampiharina amin'ireo fiara enti-milina sy manana laharam-pamantarana (fiara, moto, fiara fitaterana entana,sambo misy enti-milina,ary fitaovam-pitaterana an'habakabaka.(And. 02.09.01-02);
- Tsy voan'ny ity haba ity kosa ireo fiara sokajiana ho mpitondra marary sy mpamonjy voina ary ireo fiaram-panjakana (And. 02.09.03);
- Ny porofo momba ny fandoavana dia atao amin'ny endrika « QR Code », mifamatotra amin'ny laharan'ny fiara, izay apetaka eo amin'ny fitaratry ny fiara eo aloha ,ary tehirizina ao anaty finday.(And. I-102 bis);
- Ny tsy fandoavana io haba io dia mety hiteraka fandavana ny fiantohana, tsy fanatanterahana ny fitsirihana ara-teknika, tsy fahazoana manao famindran-tompo, tsy fahazoan-dalana hiasa ho an'ireo mpitatitra (And. I-102 ter).

### Hetra alaina amin'ny Karama sy ny toa azy (IRSA)

- Ampidirina ao anatin'ny vola iharan'ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy ny vola fisotron-dronono famenony, izay harotsaky ny mpampiasa azy araka ny fepetra izay hamaritan'ny didy sy fitsipika manokana.(And. 01.03.02).

Famantarana ny fanitsiana ny ambaratongan'ny hetra IRSA (And. 01.03.16).

Taham-pandoavan-ketra vaovao

- hatramin'ny Ar 350 000 : 0% ;
- ampahan'ny vola miditra Ar 350 001 hatramin'ny Ar 400 000 : 5% ;

- ampahan'ny vola miditra Ar 400 001 hatramin'ny Ar 500 000 :10% ;
- ampahan'ny vola miditra Ar 500 001 hatramin'ny Ar 600 000 :15% ;
- ampahan'ny vola miditra Ar 600 001 hatramin'ny Ar 4 000 000 : 20% ;
- ampahan'ny vola miditra mihoatra ny Ar 4 000 000 : 25%.

### Hetra alaina amin'ny tany (IFT)

- Ny daty farany fametrahana ny fanambaràna ny hetra alaina amin'ny tany dia voafaritra ho ny 15 Oktobra isan-taona (And. 10.01.05)
- Ny fanangonana ny hetra amin'ny fananana (IFT sy IFPB) dia atolotra ny Kaominina, fa ny fanombanana ny fototry ny hetra sy ny sandany ary ny raharaha fifanolanana dia mbola tantanan'ny fandraharahana ara-ketra.

### Hetra amin'ny trano miorina (IFPB) sy Hetra fanampiny (TAFPB)

- Ny fototra iorenan'ny hetra dia ny sandam-bidy ara-barotra na sandam-bidy hofaina, miaraka amin'ny tahan-ketra 1 %, fanalàna hetra 5 taona ho an'ny trano vaovao, ary fetra ambony isan-taona 200 000 000 Ar (And. 30.02.22).
- Ny fanisana sy ny fanamarinana eny an-toerana dia ataon'ny Fitantanana ny Hetra isaky ny 5 taona, mba hanavaozana ny fototry ny hetra aloa (And. 10.01.09).

### Saram-pahazoan-dàlana (Visa)

Ampiharina ny sara 65 000 Ariary ho an'ny visa fijanonana latsaka na mitovy amin'ny 15 andro, misy fiakarana 30 % kosa ho an'ireo saram-pahazoan-dàlana hafa rehetra (And. 02.05.06).

### Fomba fandoavana sy fitantanana ara-ketra

- Ny fandoavana ny hetra amin'ny fananana (IFT sy IFPB) dia azo atao amin'ny alàlan'ny mobile money na amin'ny banky, mba hanamorana ny fizotry ny raharaha ho an'ny mpandoa hetra (And. VII-06) ;
- Tsy maintsy aseho ao anatin'ny taratasy fampahafantarana ny hetra IFPB ny saram-panangonana sy fanodinana fako an-tokantrano (ROM),miaraka amin'ny « QR Code » manamarina ny mahamarina sy manan-kery ilay taratasy (And. VII-06).

## 2. Ireo fepetra vaovao voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny fadintseranana

### Vokatra indostrialy sy teknolojia

- Fitaovana fantson-drano: (8481.20 00 /8481.30 00/ 8481.90 00/ 8481.40 00): iharan'ny TVA 20%;
- Milina fikajiana mandeha amin'ny herin'ny masoandro (calculatrices fonctionnant à l'énergie solaire) (8470.10.10) : iharan'ny fadin-tseranana 5%;
- Accumulateurs (8507.80.90): iharan'ny haba 20%;
- Jiro halogènes au tungstène (8539.21.10): iharan'ny haba 20% amin'ny fadintseranana;
- Diodes LED (8541.41.00): iharan'ny fadin-tseranana 10%.

### Vokatra mifandraika amin'ny angovo azo havaozina

- Lafaoro mandeha amin'ny herin'ny masoandro (7321.19.10): iharan'ny 20% ny haba ;
- Famanana rano mandeha amin'ny herin'ny masoandro (8419.12.00): iharan'ny 20% ny haba sy TVA 20%.

- **Vokatra samihafa**
  - Milina indostrialy (8437.80.90 / 8438.50.00 / 8438.60.00): iharan'ny 5% ny haba sy ny TVA 20%;
  - Kojakoja informatika iharan'ny haba 10%;
  - Kojakoja fampiasan'ny fiara sy moto: 20% ny haba;
  - Lay tsy misy fanafody (6304.20.00): iharan'ny haba 20% sy TVA 20%.

# XIII. Inona avy ireo sombintsombiny amin'ireo fepetra manokana?

### Andininy faha-19

Ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola, ho an'ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy azo ampiharina raha noho ny amin'ireo famoaham-bola avy dia mandeha, atao amin'ny kaontin'ny Tahirimbolam-panjakana misokatra ao amin'ny sorabolan'ny Banky Foiben'i Madagasikara, rehefa vokatry ny fampiharana ireo fepetra voalazan'ny satan'io Andrimpanjakana io izany, na avy amin'ny fifanarahana manokana ifanaovan'ny Fanjakana sy ity farany, na avy amin'ny lahatsoratra hafa rehetra ara-dalàna na ara-pitsipika manokana.

### Andininy faha-20

Ny fanenjehana ara-pitsarana ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana manatanteraka ny asany dia ilaina fanomezan-dàlana avy amin'i Minisitra miandraikitra ny Tahirimbolam-panjakana rehefa nahazo fankatoavana avy amin'ny komity teknika izay tarihin'ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana. Izany fepetra izany dia tsy mihatra ho an'ny mpiasa tratra nanao heloka ambodiomby na ho an'ny mpiasa ahitana fahabangan'ny vola niandraiketany..

### Andininy faha-21

Ao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bola 2026, ny fetran'ny fitrosana ivelany azon'ny Fanjakana Foibe atao dia mitentina 17 220 lavitrisa Ariary.

Ny antoka afaka omen'ny Fanjakana amin'ny taona 2026 dia ferana ho 46 lavitrisa Ariary. Ho taka-lon'izany, ny Tahirim-bolam-panjakana dia omena alàlana haka ny saran'ny antoka any amin'ireo izay nahazo izany.

Ny fetran'ny trosa anatiny dia hitentina ho 3 500 lavitrisa Ariary.

# Fanazavan-teny

### Fanompanana vola manokana amin'ny fisintomana (DTS)

Anjara sy zo manokana amin'ny fisintomana ireo anjara vola ahompan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena ho an'ny firenena tsirairay izay mifandraika amin'ny latsakemboka arotsany. Io anjara vola io dia fananana tahiry iraisam-pirenena izay afaka avadika vola vahiny mba hanamafisana ireo tahirim-bola vahiny sy ny fahamarinan-toeran'ny toekaren'ny firenena iray.

### Tetibola maitso

Fitaovana ara-tetibola izay ahafahana mamantatra sy manara-maso ny fandaniam-bolam-panjakana mifandraika amin'ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro sy ho fiarovana ny tontolo iainana.

### Petra-bola apetraky ny mpiara-miasa amin'ny Tahirim-bolam-panjakana

Tahirim-bola apetraky ny Andrimpanjakana sasany ao amin'ny kaontin'ny Tahirim-bolam-panjakana (kaominina, hopitaly, andrimpanjakana ho an'ny daholobe). Ireo petra-bola ireo, izay tsy maintsy atao na voafaritra amin'ny fifanarahana, dia loharanom-bola ho an'ny fitantanana ny vola miditra sy mivoaka, ka ahafahan'ny Fanjakana mampihena ny filàna amin'ny findramam-bola.

### Fadintseranana maitso

Fampidirana ny olana momba ny tontolo iainana ao anatin'ny fanaraha-maso, fanomezan-danja ireo vokatra manaja ny toetrandro, ary ady amin'ny varotra tsy ara-dalàna manimba ny tontolo sy ny rafitra ara-tontolo iainana.

### Asa marika fanitsina ny Tetibola

Fidiram-bola na fandaniana voarakitra arakaonty fotsiny, nefa tsy misy fivezivezen'ny vola tena izy. Izy ireny dia ampiasaina hanitsiana na handaminana na hamindrana soratra ara-kaonty mba hanehoana araka ny marina ny toe-bolan'ny Fanjakana, tsy misy fidirana na fivoahan'ny vola tena izy.

### Fitambaran'ny vola ho efaina

Fandoavam-bola ataon'ny Fanjakana mba hanefana ny trosam-panjakana, ahitana ny renivola sy ny zanabola. Izy ireo dia maneho ny fandaniana ara-bola entin'ny trosam-panjakana ho an'ny tetibolam-pirenena.

### Fisintonana vola

Vola nalaina na nampiasaina tamin'ny trosa na fampindramam-bola iray. Izy io dia mifanaraka amin'ny vola napetraky ny mpamatsy vola ho enti-mamatsy tetikasa na fandaharanasa iray.

# Fanalavan-teny

| | |
|---|---|
| **AGOA** | Fifanarahana ara-barotra manan-danja eo amin'i Madagasikara sy Etazonia |
| **AUGURE** | Rindran'asa tokana ho an'ny Fitantanana Mirindra ny Loharanon'olona ao amin'ny Fanjakana |
| **APE** | Fifanarahana ara-barotra eo amin'ny Vondrona Eoropeana |
| **BTP** | Trano sy Taotrano |
| **BFM** | Banky Foiben'i Madagasikara |
| **CNIDH** | Vaomiera Nasionaly Mahaleotena momba ny Zon'olombelona |
| **CDN** | Fampandrosoana Maharitra sy Fandraisana andraikitra Anatiny |
| **DD** | Hetra alaina amin'ny fadintseranana |
| **DE** | Sara-panoratana |
| **DECIM** | Tetikasa Fifandraisana momba ny Angovo sy ny Nomerika ho an'ny Fampidirana eto Madagasikara |
| **DTS** | Zon'ny fisintomana manokana |
| **DTSPM** | Hetra Manokana amin'ny vokatra harena an-kibon'ny tany |
| **FCV** | Fanampiana avy any ivelany natokana havadika vola |
| **FEC** | Fampindramam-bola nitarina |
| **FMI** | Tahirim-bola Iraisam-pirenena |
| **HCDDED** | Filankevitra Ambony ho amin'ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna |
| **IRCM** | Hetra Alaina amin'ny fitombon-karena avy amin'ny fananana mitera-bola |
| **IFT** | Hetran-tany |
| **IFPB** | Hetran-trano |
| **IR** | Hetra amin'ny vola miditra |
| **IRCM** | Hetra Alaina amin'ny fitombon-karena avy amin'ny fananana mitera-bola |
| **IRM** | Hetra alaina amin'ny vola miditra amin'ny tsenambarotra |
| **IRSA** | Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy |
| **IS** | Hetra tambatra |
| **JIRAMA** | Jiro sy Rano Malagasy |
| **LF** | Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana |
| **LFI** | Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana voalohany |
| **MDN** | Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena |
| **MDAT** | Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany |
| **MEDD** | Minisiteran'ny tontolo iainana sy Fampandrosoana lovain-jafy |

| | |
|---|---|
| **MEF** | Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola |
| **MERG** | Fandaharanasa hanamafisana ny faharetan'ny toekarena sy ny fitantanana Mangarahara |
| **ODD** | Tanjona Fampandrosoana Maharitra |
| **OGT** | Kirakiram-bola ankapoben'ny Tahirim-bolam-panjakana |
| **OMD** | Mifanaraka amin'ny Fanao Iraisam-pirenena sy ny Fanekena |
| **PIB** | Harikarena Faobe |
| **PIP** | Fampiasam-bolam-panjakana |
| **PNA** | Drafitra Nasionaly ho fampifanarahana amin'ny Fiovan'ny Toetrandro |
| **PNLCC** | Drafitra Nasionaly ho fiarovana sy fampifanarahana amin'ny fiovan'ny toetrandro |
| **QR** | Kaody pihan-tsary |
| **REDD** | Fampihenana ny Entona mivoaka vokatry ny Fandravana sy ny Fahasimban'ny Ala |
| **ROM** | Fanangonana sy fanodinana ireo fako avy any an-tokantrano sy mikasika ny fanariana rano maloto |
| **SAFI** | Rafi-pitantanan-ketra mifandray tendro |
| **SCM** | Paikady ho an'ny fitomboana ara-toekarena amin'ny fe-potoana antonony |
| **SNDR** | Paikady nasionaly ho an'ny fampandrosoana ny fambolena vary |
| **SIIGFP** | Rafitra iray mampifandray sy mampiasa solosaina amin'ny fitantanana ny vola sy ny tetibola ho an'ny daholobe |
| **TAFPB** | Haba mitovana amin'ny hetran-trano |
| **TVM** | Hetra aloa amin'ny fiara rehetra enti-milina manana motera |
| **TVA** | Haba amin'ny tataom-bidy |
| **UNDRR** | Biraon'ny Firenena Mikambana misahana ny Fampihenana ny Loza sy ny Voka-dratsiny |

**MINISTÈRE DE L'ÉCONOMIE ET DES FINANCES**
Direction Générale du Budget et des Finances
Direction du Budget
Service des Réformes et de la Formation